Aogositra 2004 n°0
Isaky ny roa volana

LA VOIX DES (RIZI) PISCICULTEUR

# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

APDRA - F / IREDEC

MADAGASIKARA

## SASINTENY

Am– pifalianana tokoa no hanoloranay anareo ny laharana voalohany ny « Feon'ny Mpiompy Trondro ». Araka izany anarany izany, ity gazety mpiseho isaky ny roa volana ity dia miantefa indrindra amin'ny tantsaha malagasy mpiompy trondro, na an-dobo izany, na/sy an-tanimbary. Ny gazety dia tsy manavaka rahateo ny haben'ny seha-piompiana.

Araka izany, ao ireo izay mamokatra trondro betsaka satria efa manana ny fitaovana takiana amin'izany; misy ihany koa ny mamokatra fa mbola tsy afa-po noho ny fitaovana voafetra eo am-pelatanana, ka samy mangetaheta avokoa isika, namana mpiompy trondro, hanatsara na hampitombo hatrany ny vokatra. Noho izany dia manolotra ho anareo fomba fiasa vaovao izahay amin'izany.

Mino izahay fa ny ankamaroanareo dia samy efa manana ny fahazarany, tamin'ny alalan'ny fanandramanana isan-karazany, ary nahita vahaolana ara-teknika izay mahomby mba hamokarana sy hamarotana tsaratsara kokoa. Ao koa ny mety hanana hevitra tsara fa mbola tsy tena namokatra loatra. Manasa anareo izahay hizara izany ato anatin'ity gazety ity, eo amintsika samy mpiompy na/sy mpamokatra trondro, amin'ny APDRA-F sy ny IREDEC, ary koa amin'ireo mpiara-miombon'asa anatin'ity fiompiana trondro ity, izany hoe ny sampandraharaham-panjakana, ny ONG, ny FAO, ireo teknisiana tsy miankina, sns, izay samy hovantaninn'ity gazety ity avokoa.

Tonga soa daholo ny hevitry ny rehetra. Ny tanjona dia ny hisian'ny fifanankalozana eo amin'ireo kotrokery (acteurs) rehetra liana amin'ny fiompiana trondro an-dobo na an-tanimbary. Ny adi-hevitra dia tena malalaka mba ho endri-piaraha-miasa vaovao no ho teraka amin'ny alalan'ny fifanoratana. Ny hevitra mahomby sy mahasoa dia mendriky ny haely amin'ny alalan'ny fiofanana ohatra. Misy ihany koa ny hilàna fandalinana bebe kokoa ka mety ho anaovana fikarohana manokana.

Mazotoa àry manoratra sy mandray anjara amin'ny resadresaka izay ho atao eny an-toerana eny, ary mirary anareo hazoto hamaky ny gazety izahay.

Ny gazety

## TOPIMASO

**SASINTENY** 1

**GAZETINTSIKA**
Ara-tantara 2
Iza no omena ny « Feon'ny Mpiompy Trondro » 3
Ireo mpiara-miasa mpanangana sy ireo mpiara-miasa mpanampy ara-bola 3
Votoatin'ny « Feon'ny Mpiompy Trondro » 3

**FANAVAOZANA**
Ny atao hoe « fanavaozana » 4
Fitaovam-panatodizana misy ao an-toerana 4
Manamarina ny tantsaha... 5
Naotin'ny gazety mikasika ny redretra 6
Ny ramilamina, sakafo sy fiafenan'ny trondro 7
Manamarina ny tantsaha... 7
Araky ny mpandraharaha iray 8
Naotin'ny gazety mikasika ny ramilamina 8

**LOHAHEVITRY NY GZETY**
Famarotana zana-trondro 9

**TARATASIN'NY MPIOMPY TRONDRO**
Tenin'ny mpiompy trondro ho an'ny fanjakana 11
Politikam-panjakana momba ny fiompiana trondro 13

**« NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO »**

**Talen'ny fanoratana**: Frédéric Sanchez - Ariel Elyah (APDRA-F)
**Tonian'ny fanoratana**: Randriampeno Tsirihasina (IREDEC)
**Mpanoratra**: Ariel Elyah, Randriampeno Tsirihasina, Mamonjisoa Daniel
**Sekreteran'ny fanoratana**: Andrianarivony Verohanitra
**Mpamatsy vola: CCFD**

**Isan'ny natonta**: 150 (malagasy) - 50 (frantsay)
**Trano printy**:
**Natonta ny**:
**Fametrahana**:

# ARA-TANTARA

Tamin'ny alalan'ireo traikefa hitan'ny APDRA-F dia voaporofo fa **ny fiompiana trondro izay ataon'ny tantsaha dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, indrindra tao Afrika.** Mba hiadiana amin'ny fahantrana sy ny tsy fahampian-tsakafo any amin'ireo toerana hafa no hikasan'ny APDRA-F hanohizana sy hampandrosoana ary hanomezana ireo traikefa izay efa nananany.

Nandritry ny asa fitiliana natao teto Madagasikara tamin'ny taona 2002, dia efa nanomboka hita ny sori-dalana sy ny sampana malagasy mety hiara-miombon'asa aminy, niaraka tamin'ny **fanampiana lehibe avy amin'ny sampan-draharahan'ny fiompiana trondro, sy ny AFVP** (Association Française des Volontaire du Progrès) ary ny **HAFAKELY** (Asa ho an'ny fiompiana trondro sy ny tontolo iainana ary ny fiompiana amin'ny ankapobeny). Eo anatrehan'izany, ny zava-misy ara-pambolena, ny ara-toekarena sy sosialy, ary ny seha-piompiana trondro dia tsapa fa samihafa tanteraka amin'izay toerana efa niasan'ny APDRA-F ny teto Madagasikara. Noho izany, ilaina ny **fikarohana sy ny fitiliana feno tamin'ny taona 2003,** notohanan'ny CCFD na komity katolika miady amin'ny hanohanana sy ho an'ny fampandrosoana, ny MAE (Ministeran'ny raharaham-bahiny) ary ny APDRA –F. Asa fikarohana efatra no tontosa tao amin'ny faritra telo tao Antananarivo: Manjakandriana sy Betafo ary Sadabe, izay nisy notanterahan'ny tera-tany malagasy iray lasa mambran'ny APDRA–F.

Hita àry fa **ny vokatra trondro**, na dia betsaka aza raha oharina amin'ireo misy any amin'ny faritra hafa any Afrika, dia azo lazaina fa **kely ihany mitaha amin'ny fahafaha-mamokatra sy ny filàna eo amin'ny tsena**. Matetika ny vokatra azo dia natao hiantoka kokoa ny lafiny ara-tsakafo, ka ampahany vitsy ihany no amidy.

Kanefa, ny famokarana zana-trondro ataon'ny tantsaha dia tena loharanom-bola lehibe ho an'ireo manana fahafahana mamokatra tsara araky ny tokony ho izy (manajary ny tanimbary ho dobo, mifehy ny rano, manana tany azo hiompiana akaiky trano).

**Ny modely teknika fanondroana**, **ny fiompiana « *carpe commune* »,** izay napetrakin'ny FAO fahiny, dia notohizan'ny sampan-draharaham-panjakana sy ny tetik'asa samihafa. Tamin'izany, ny fitondrana no nizara ny zana-trondro sy ny fitaovana fampanatodizana ary koa nanao ny fanaraha- maso ny fiompiana. Ankehitriny, mihena ny fanaraha-maso ataon'ny solon-tenam- panjakana noho ny fahafahana izay nanjary voafetra.

Mazava tamin'ny alalan'ny fikarohana natao fa misy ny **tantsaha mihetsiketsika** eo amin'ny fitondrana sy ny fampivoarana ny teknika. Niainga tamin'ny modely fanondro izy ireo ary **tonga ho azy ny fampifanarahana izany tamin'ny fomba fiompiana** (famokarana zana-trondro an-tanimbary, fampiasana fitaovam-panatodizana vaovao,…). Kanefa na inona na inona ny teknika ampiasaina dia re matetika tamin'ny tantsaha ny olana eo amin'ny **fifandaminana amin'ny fitsinjarana ny vokatra trondro sy ny famoahana azy.**

Misy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola hafa liana amin'izao asa izao, ary efa hiaraka amintsika amin'izany atsy ho atsy. Ao ny programa SAHA Betsileo, ny MPE (Maison du Petit Elevage), ny SCAC (Service de Coopération et d'Actions Culturelles de la coopération française), sy ny tetik'asa FORMA, ny ESSA, HAFAKELY, HAONA SOA, ary ny FOFIFA fiompiana trondro.

***Gazety mpiseho isaky ny roa volana***

Ilaina ny fahalalana sy ny famaritana ireo teknika hafa, izay sokajina ho fanavaozana, vokatry ny fikarohana manokana nataon'ny tantsaha mpiompy trondro. Harakitra anaty gazety izany ary homena maimaim-poana ny tantsaha sy ny mpiara-miasa anatin'ny sehatry ny fiompiana trondro. Ny gazety dia natao hifaneraserana, hifampahalalam-baovao mba hiteraka adi-hevitra momba ny filana, ny fampiharana sy ny fanatsarana ireo voka-pikarohan'ny tantsaha ireo. Tafiditra anatin'izany sehatra izany ny fiompiana trondro an-tanimbary sy an-dobo.

Ny faritr'Antananarivo sy Fianarantsoa no toerana iasana. Ao amin'ny faritr'Antananarivo dia ny Vakinankaratra no voasahana bebe kokoa noho izy akaikin'ny biraon'ny IREDEC ao Antsirabe.

### *Iza no omena ny «Feon'ny Mpiompy Trondro»?*

Ny tantsaha izay mandray anjara no omena ny gazety mandritry ny fotoana ivoahany, ary ireo mpiara-miombon'asa.

### *Ireo mpiara-miasa mpanangana*

**Ny APDRA-F** (Association Pisciculture et Développement Rural en Afrique tropicale humide – France) dia fikambanana misahana ny fiompiana trondro sy fampandrosoana ny eny Ambanivohitra aty amin'ny faritry Afrika ka anisan'izany i Madagasikara. Any Frantsa ny foibeny. Anisan'ny asa ataon'ny fikambanana ny fampandrosoana ny fiompiana trondro manaja tanteraka ny tontolo iainana. Ao anatin'ny tanjona lehibe izay andraisany anjara ny mitondra any amin'ny antoka ara-tsakafo ka amin'ny alala-
n'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ny sehatra hanaovany izany. Miendrika fampiofanana sy fikarohana ho amin'ny fampivoarana ary fanentanana no asa ataon'ny APDRA-F eo anivon'ireo tambazotra sy kotrokery (acteurs) ao anatin'ny sehatra fiompiana trondro ireo. Toerana efatra no efa niasany: Guinée sy Côte d'Ivoire ary Cameroun. Ny teto Madagasikara dia hatramin'ny desambra 2002.

**Ny IREDEC** (Institut de REcherche et d'application de méthodes de DEveloppement Communautaire) izay miorina ao Antsirabe dia ivotoeram-pikarohana sy fampiharana ireo fomba entina hampandrosoana ny kaominina. Niasa teo amin'ny sehatry ny fampandrosoana efa ho 24 taona izao ny IREDEC teto Vakinankaratra sy amin'ny toerana hafa eto Madagasikara. Manana ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana ny asany izy amin'izany.

### *Ireo mpiara-miasa mpanampy ara-bola*

**Ny CCFD** (Comité Catholique Contre la Faim et pour le Développement) dia ONG (Organisation Non Gouvernementale) frantsay voalohany miasa amin'ny fampandrosoana. Ny CCFD dia mirona ho amin'ny firaisankina iraisam-pirenena ary misahana indrindra ireto asa roa lehibe ireto dia ny fanohanana ny tetik'asa fampandrosoana sy mampahafantatra ny rehetra ny zava-misy any amin'ireo tany mahantra. Ny CCFD dia efa nanohana ny APDRA-F sy ny IREDEC hatry ny ela tamin'ireo tetik'asan'ny tsirairay, ary namporisika hatrany ny fifanantonana teo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro an-dobo na antanimbary eto Madagasikara.

**Ny APDRA-F** dia manampy amin'ny alalan'ny asa maimaim-poana ataon'ireo mambra ao aminy, amin'ny fanatontosana ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ».

F. Sanchez

## Votoatin'ny « Feon'ny Mpiompy Trondro »

Manome lanja manokana ny fampahafantarana ara-teknika, mifanaraka amin'ireo izay teknika hita rehefa midina eny an-toerana ny gazety ao amin'ny pejin'ny « FANAVAOZANA ». Miainga amin'ny fahalalana tsara izany mantsy ny asa fampandrosoana kasaina ho atao. Manaraka izany, hotohizana ny fanehoan-kevitry ny tantsaha ao amin'ny pejin'ny « LOHAHEVITRY NY GAZETY », izay hosafidintsika isaky ny laharana hiseho. Malalaka ny fanehoan-kevitra ato anatin'ny gazety. Ny tanjona aza dia ny mba hisian'ny adi-hevitra, mba hamoahana ny tsoa-kevitra sy ny famakafakana ary ny fomba fijerin'ny tsirairay momba ny lohahevitra horaisina na ny teknika nosafidianana. Izany serasera izany dia manana tanjona ankapobeny ny amin'ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro.
Ny vaovao hafa mety hahaliana antsika tantsaha mpamokatra dia afaka resahina ato anatin'ny gazety ihany koa.
Tsy misy ny zana-trondro raha tsy eo aloha ny renin-trondro sy ny lahin-trondro, ka noho izany, tsy misy ny gazety raha tsy misy ny soratra ao anatiny! Ny fifanakalozana, ny resadresaka sy ny dinidinika ary ny tsikera… dia samy mitondra vokatra na akony tsara ho antsika rehetra. Entanina àry ny tsirairay mba hanoratra aminay, mba hilaza izay vaovao misy any aminy mikasika na manodidina ny fiompiana trondro an-dobo na an-tanimbary, ao amin'ny pejin'ny « TARATASIN'NY MPIOMPY TRONDRO ».

### *Ny fanavaozana hampiharin'ny tantsaha?*

Araky ny voalaza ao amin'ny boky « Grain de sel N° 26 »-Inter-réseaux, « Ny fanavaozana atao-n'ny tantsaha dia endri-piovana, izay ny tantsaha mpamokatra sy ny fikambanana misy azy ireo dia samy mpandray anjara feno. Izany dia misy fiara-miasa akaiky amin'ny sampa-pikarohana sy ny sampan-draharaham-panjakana ary ny tetik'asa amin'ny fampandrosoana. Ny fanavaozana dia midika eto ho famoronana sy fikarohana ary fampifanarahana, na eo amin'ny lafiny ara-teknika izany na fahalalana na koa fomba fifandaminana… Izany dia mety ho hita eo anivon'ny seha-pamokarana iray, na anaty faritra kely, na anaty vondrona tantsaha anaty faritra midadasika... ».

Raha io famaritana io no jerena dia malalaka ny hevitry ny atao hoe fanavaozana. Mahakasika toe-javatra samihafa izy ankoatry ny teknika, ka mety ho tonga hatramin'ny fomba fifandaminan'ny samy mpiompy trondro, sns...Ireo endri-javatra ireo dia afaka resahina avokoa ato anaty gazety.

Eo amin'ny lafiny ara-teknika, maro karazana ny fampiharana manodidina ny fiompiana trondro na an-dobo izany na an-tanimbary. Anisan'ny lehibe indrindra ny teknika naparitaky ny FAO sy ny sampan-draharaham-panjakana nandritry ny taona maro. Teo am-piafaran'io tetik'asa io dia nitohy araka ny fomba nametrahan'izy ireo azy ny teknika. Hita ihany koa anefa fa nisy ny tantsaha nanisy fiovana na nampifanaraka, na koa nanova tanteraka ny teknika fompiana trondro. Ankoatra izany, tsikaritra ireo teknika hafa nokarohan'ny tantsaha ka mbola iainany hatramin'izao. Hofakafakaintsika ireo fanavaozana ireo mba hanamarinana na mitombona na tsia izany teknika ampiasaina izany.

Hoatomboka amin'ny teknika naparitaky ny FAO, ny famakafakana izay lazaina koa hoe teknika fanondro (référentiel technique), mba hahafahana mampitaha amin'ny fanavaozana entin'ny tantsaha. Izany dia hahafantarana hoe aiza ho aiza ny fahasamihafan'ilay fanavaozana, sy mijery ny tombotsoa, ny lafy ratsiny, manoloana ny fahitan'ny tantsaha sy ny hafa azy.

Ireto àry misy santionany amin'ny fanavaozana hita nandritry ny fidinana an-toerana Betafo sy ny fikarohana natao tany Manjakandriana.


*Faritra iray eto ampivoan-tanin'i Madagasikara ny kaominin'i Betafo. Mampiavaka ny tanàna maro ao aminy ny fampiasana ny zava-maniry ao an-toerana entina hampanatodizana ny karpa.*

Lahatsoratra: A. ELYAH, T. RANDRIAMPENO –Sary: A. ELYAH

Saro-drano ny toerana avo. Matetika aza tsy ahitana rano mihitsy. Toerana maro ao Betafo anefa anisan'ny manan-jara amin'ny fahabetsahan'ny rano mandavan-taona satria manakaiky loharano. Mety ho azo atao tsara ao ny fiompiana trondro. Kanefa ny mahaory azy dia ny akora fampiasa amin'ny fampanatodizana ny karpa, dia ny tsiratsiraka (fibre) piassava izany.

Mampiasa ny teknika kakaban ny fianakaviana mpamokatra zana-trondro (Producteurs Privés Familiaux d'alevins- PPF), saingy amin'ny fitaovana hafa ankoatry ny tsiratsiraka piassava natoron'ny fanjakana. Ny redretra, karazan-java-maniry malefaka no somary madity ravina. Fantatra ara-tsiantifika amin'ny hoe *Phillipia* na *Erica*, fianakavian'ny ERICACEAE.


Misy tantsaha mampiasa ny vonim-bararata ihany koa. Miankina amin'ny fisian'ireo zava-maniry ireo ao an-toerana amin'ny fotoam-panatodizana ny safidy amin'ny fampiasana azy. Ny ankamaroan'ny fianakaviana mpamokatra zana-trondro dia mampiasa ny redretra noho ny tsy fahitany sy ny fahalafosan'ny tsiratsiraka piassava (karazana palmie maniry any atsinanan'ny Nosy). Manodidina ny 1000Ar ny iray kilao. Ny renitrondro iray dia mila eo amin'ny telo




kilao eo hanatodizany. Maharitra telo taona ny piassava, izany hoe afaka ampiasaina mandritry ny taona telo misesy izy.

Hafatotra amin'ny tady mafy ny redretra ary somary haparitaka amin'ny halavan'ny hazo itoerany. Ny ilany roan'ny hazo dia hafatotra tsara amin'ny hazo hohy hafa mba hitsatoka amin'ny sisin'ny tanimbary. Alentika eo amin'ny 20sm amin'ny tany izy ireo. Ny haavon'ny rano dia atao eo amin'ny 30-35sm.

Misy fomba hafa koa fiazonana ny redretra izay mifatotra amin'ny tadikely ny sisiny roan'ny hazo, ka afaka mievaeva manaraka ny onjan-drano ny fitaovana fanatodizana mifikitra amin'ny sisin'ny tanimbary.




*Fomba hafa fametrahana ny fitaovam-panatodizana.*

## MANAMARINA NY TANTSAHA...

### *Ny redretra, zava-maniry tafiditra ao anatin'ny fahazarana amin'ny fiompiana trondro*

« Ny ray aman-dreninay no niompy landy fahiny. Ny redretra no nampiasainy mba hametrahan'ny landy ny kofehiny. Taty aoriana, rehefa niompy trondro izahay sy tia hamokatra zana-trondro dia niverina tao an-tsainay io zava-maniry io, ka nampiasainay tamin'ny fampanatodizana ny trondro. Noheverinay fa rehefa tsy nahafaty ny landy ny redretra dia mety ihany koa ho an'ny trondro. Nieritreritra ihany koa izahay ny hanadrana ny rofia kanefa niahiahy sao dia mamoaka poizina izy io anaty rano ka hanimba ny atodin-trondro.», **Ramorasata, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo**.

«Ireo olona teo aloha no efa nampiasa ny redretra. Vitsy amin'ireo efa manao ny teknika fiompiana trondro moderna ny mampiasa azy io. Mbola misy koa anefa ny tantsaha mpiompy trondro no tsy manala ny vilona eny antsisin'ny tanimbary ka eny ihany ny trondro no avelany manatody. Misy koa ny mampiasa ny horom-potsy sy ny horona ary izay karazana bozaka hafa izay hitany manodidina azy, fantany mantsy fa vao mahita bozaka ny trondro efa hanatody dia mametraka ny atodiny hatrany izany eny izy.», **Rakotondranaivo Benjamina, Lehiben'ny fokontany, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Mahazina-Vakinifasina-Betafo.**

### *Rehefa nanao andrana maromaro ...*

«Fombanay teo aloha ny manatobaka fotsiny ny trondro sy ny zanatrondro mifangaro anaty tanimbary. Rehefa manatody ny renitrondro dia mahatsikaritra izahay fa mipetaka eny amin'ny bozaka antsisin'ny tanimbary ny atodin-trondro. Nony tapakevitra izahay fa hamokatra tsaratsara kokoa dia natoron'ny namana iray ny amin'ny fampiasana redretra. Andrana hatrany moa ny anay ety ambanivohitra, nanandrana zava-maniry hafa koa aho ankoatra ny redretra, dia ny horom-potsy sy ny horonaka izany. Mavitrika kokoa ny renitrondro rehefa hanatody.Hitanay fa mamokatra tsara ny trondro miaraka amin'ny redretra. Mety manahatahaka ny atody mivangongongongo angamba ny vonin'ny redretra ka izay no tsy mampisalasala ny renitrondro manatody aminy», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

### *Fitaovana hafa?*

«Etsy andaniny, tsy hitanay loatra izay lafy ratsin'ny redretra raha oharina amin'ireo zava-maniry hafa. Etsy ankilany koa, tsy manan-tsafidy ihany izahay satria io no misy ety aminay. Renay fotsiny izany atao hoe "kakaban" fa tsy mbola hitan'ny masonay. Raha misy ny fanomezana izany kakaban izany dia afaka mampitaha tsara izahay. Malaza hono izy izany amin'ny fahazoana vokatra tsara amin'ny fampanatodizana ka mahaliana anay tokoa ny hanandrana azy», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

### *Ny redretra, fitaovana manavanana*

«Ny redretra no tsara indrindra raha ampitahaina amin'ireo bozaka hafa. Ny fampiasana ny bozaka maniry eny antsisin'ny tanimbary dia tsy mety loatra satria raha midina kely ny haavon'ny rano dia tsy afaka hanaraka izany ny bozaka ka mety hanimba ny atody mipetaka eo. Rehefa tsy mahazo amin'ireo fitaovana fampanatodizana avy amin'ny fanjakana izahay dia manohy amin'ny redretra ihany, kanefa tsy azo ny kakaban raha tsy manao fifanarahana amin'ireo brigadin'ny jono, izay mbola tsy nisy tety. Nisy io teknisiana io ihany tety teo aloha fa niverina eny Antsirabe izy noho ny antony efa mpamokatra zana-trondro daholo ny ankamaroan'ny tantsaha ety aminay. Ary ny faritr'i Vakinifasina dia malaza amin'ny hatsaran'ny zana-trondro, manamarina izany ny fitadiavan'ny olona io karazany io.

**Rakotondranaivo Benjamina, Lehiben'ny fokon-**

**Tany, mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Mahazina-Vakinifasina-Betafo.**

«Manampy izany dia tsy maintsy fatorana amin'ny tsatoka hazo ny horom-potsy sy ny horona vao mety hipetraka anaty rano, kanefa ny redretra, atsatoka miaraka amin'ny tahony amin'ny sisin'ny tanimbary dia mipetraka tsara, izany hoe tsy manahirana ny fametrahana azy», **Ramorasata, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo**.

«Ny redretra dia zava-maniry manana ravina malefaka, tsy maherihery izy, ka mety hoe hanohitra na handratra ny renitrondro rehefa hanatody. Ny zava-maniry hafa efa nampiasaina toy ny horom-potsy sy ny horona dia mafimafy sy maranitra raha mitolefika ny raviny, ka mety handratra ny trondro rehefa mikasoka aminy. Ankoatr'izay, ireo zava-maniry hafa ireo dia malama no sady tsy mety mipetraka tsara anaty rano ka tsy dia mitana ny atodin'ny trondro», **Rajerison, tantsaha, Miandrarivo-Betafo.**

«Henjana tsara ny tahon'ny redretra, izay manampy betsaka amin'ny tsy fihetsiketsehan'ny ravina loatra amin'ny fampanatodizana. Io fahamafisan'ny tahony mitondra ny ravina io dia manamora koa ny famindrana toerana azy ho eny amin'ny tanimbary hafa rehefa vita ny fampanatodizana. Malefadravina koa izy ka mahazo aina tsara ny renitondro mikisikisina aminy rehefa hanatody. Mbola betsaka ihany koa io  zava-maniry io ka tsy hahatahorana ny hahalany taranaka azy. Eo amin'ny lalana adin'ny efatra eo dia ahitana azy daholo eny an-tendrombohitra rehetra eny. Ny fotoana sy ny hery hakana azy ihany no miala aminao fa tsy mila vola ny fakana azy. Avy ampiasaina amin'ny fampanatodizana ny redretra dia azo hatao kitay handrahoana sakafo. Mamokatra tsara koa ny trondro amin'ny redretra raha oharina amin'ireo zava-maniry hafa satria izy dia mitana ny atody betsaka kokoa mba tsy hilatsaka amin'ny tany. Ny redretra koa tsy mamoaka fofona hafahafa tsy tian'ny trondro», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

## NAOTIN'NY GAZETY MIKASIKA NY  REDRETRA

Ny kakaban dia sady teknika no fitaovana. Ny tsiratsiraka piassava dia tsy inona fa akora ihany, ary mbola misy koa karazany hafa betsaka toy ny redretra.. Io teknika kakaban io dia tafiditra sy niparitaka teto Madagasikara tamin'ny taona 1954, tao anatin'ny programa FIDES. Noraisin'ny PNUD/FAO izy io taty aoriana ary nohalalininy tamin'izany ny fatra tokony hampiasaina amin'ny famokarana zana-trondro. Rehefa izany dia ny tsiratsiraka piassava no notanana noho ny fahombiazana ara-teknika hita taminy.

Na dia niainga tamin'ny fahazarana nentim-paharazana aza ny fampiasana ny redretra, dia manana lanja tokoa ny zava-misy manodidina  hatrizay ary ankehitriny. Ny hazo piassava dia tsy maniry raha tsy any amin'ny morontsiraka atsinanan'ny Nosy, ary ny fahazoana azy dia tsy maintsy mila fifanarahana amin'ireo teknisianim-panjakana. Ny fividianana azy, amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara, dia eny anivonny sampan-draharaham-panjakanan'ny jono, sy mila manao famandrihana dieny mialoha. Natao ho an'ny PPA (ilazana ny mpamokatra zana-trondro izay miara-miasa ara-dalàna amin'ny fanjakana) izy io. Ny PPF ivelany dia afaka mividy any amin'io biraom-paritry ny jono io, raha misy ny tsiratsiraka piassava tsy lafo.

Mbola ahitana betsaka ny redretra eny akaikin'ny toeram-piompiana. Manaranaka ara-boa-janahary izy amin'ny maha-zava-maniry dia azy. Raha misy doro tanety mandalo matetika no mety hahafongotra azy. Tsy ilàna fampiasam-bola izy ka lazain'ny tantsaha fa mety aminy. Mora ny fametrahana azy anaty tanimbary fanatodizan'ny trondro, kanefa mora angalarina ihany koa izy rehefa vonto atody raha tsy manaramaso matetika ny tompony. Mitana kokoa ny atodin-trondro ny dintin'ny raviny. Afaka mbola ampiasaina ho kitay izy rehefa vita ny fampanatodizana.

Amin'ny ankapobeny, mahomby ho an'ireto tantsaha ireto, izay tsy afaka mahazo ny piassava, ny redretra. Mbola misy fanontaniana vitsivitsy anefa mipetraka: - ny tsiratsiraka piassava ve no tena mahomby? Mety efa nisy fikarohana natao momba io, tamin'ny andron'ny FAO, fa mbola tsy fantatra ny valin'izany– Mora ambolena amin'ny toerana rehetra ve ny redretra, mba hisorohana amin'ny mety ho fahafongorany?- Misy tantsaha milaza fa ny redretra dia anjavidy ihany. Ao koa ny manavaka azy roa ireo. Ahoana tsara ny fipetrak'izay?

## NY RAMILAMINA, SAKAFO SY FIAFENANAN'NY TRONDRO ?

Manana olana ara-tsakafo koa ny eny ambanivohitra indraindray. Matetika eo amin'ny olona no mitranga izany, kanefa mety ho voakasik'izany koa anefa ny trondro.
Ahoana àry ny fomba hamahanana ny trondro amin'ny vidiny mirary? Ao ny ramilamina, izay mety ho anisan'ny sakafo no fialokalofan'ny trondro amin'ny fahavalony toy ny vano izany.

## MANAMARINA NY TANTSAHA…

***«Fito taona izao no nampiasako kaomposta misy ramilamina***, afaka atao sakafon'ny trondro tsara izy. Afaka atao kaomposta koa izy miaraka amin'ny zezik'omby. Rehefa masaka tsara dia afangaro anaty valan-jezika, izay matetika apetraka eny an-joron'ny tanimbary, ny zezika. Miteraka bibikely sakafon'ny trondro izany rehefa milona elaela ka mampitombo tsara ny trondro. Hitako tamin'ny alalan'ny fiofanana izany teknika izany ka mbola tohizako ny fampiharana azy amin'ny fiompiana na amin'ny fambolena», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

### *Fiafenana anaty rano sy anaty fitondrana*

« Ilaina ny ramilamina amin'ny fiafenan'ny trondro amin'ny vano. Tsy manakana ny oksigena iainan'ny trondro ny ramilamina satria rehefa mitondra ny trondro amin'ny toerana lavitra izahay dia rakofanay ramilamina eo ambonin'ny rano anaty fitondrana mba tsy hihetsiketsika loatra ny trondro ka hivoaka tao".
**Rakotondranaivo Benjamina, Lehiben'ny fokontany, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Mahazina-Vakinifasina-Betafo..**

*Manampy ny tantsaha mpiompy trondro ny ramilamina. Kanefa, maneho ny lafy ratsy tsapa amin'io zava-maniry io koa izy ireo.*

### *Zava-doza ho an'ny toeram-panatodizana*

«Tsy azo asiana ramilamina mihitsy ao amin'ny tanimbary fampanatodizana. Itoeran'ny bibikely mihinana ireo atody sy ny zana-trondro vao foy mantsy izy io», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

### *Ramilamina, miteraka voka-dratsy raha be loatra*

«Tsy haiko loatra na mety hanakana ny rivotra iainan'ny trondro koa izy io na tsia. Hita anefa fa tsy dia mitombo ny trondro rehefa be loatra ny ramilamina fa tsy dia manan-tsafidy loatra izahay, ary tsy mbola maty anina ny fiompianay trondro fa mbola ambin'asa ihany», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

«Ny ramilamina dia karazan-java-maniry haingampaniry. Raha misoroka azy androany dia rahampitso dia efa feno indray ny tanimbary», **Rafanomezantsoa Armand, PPF, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary(PPF), Miandrarivo-Betafo.**

*Manoloana io olana io, mahita hevitra hafa ny tantsaha mba ialana amin'izany, na dia fotoana vitsy ihany aza.*


### *Fanodinana ny ramilamina*

«Atao ny ketsa tora-tady. Rehefa manomboka maniry ho azy ny ramilamina eny an-tanimbary dia afaka alentika anaty tany isaky ny fotoam-pievana vary. Afaka atao matetika izany afa-tsy amin'ny fotoana maha-bevohoka ny vary», **Ramorasata, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo**.

«Betsaka ny ramilamina rehefa fahavaratra. Afaka esorina tsikelikely ihany izy rehefa miava tanimbary. Afaka esorina amin'ny tanana izy satria tsy lalina ny fakany fa mitsikafona ambany rano. Afaka atao zezika izy avy eo», **Rabemanantsoa Modeste, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**

### *Zaraina roa ny tanimbary*

«Raha be loatra ny ramilamina izay maniry ambony rano dia afaka ahisaka izany amin'ny alalan'ny hazo maivana. Bararata no fampiasa mba tsy hilentika anaty rano. Izany dia mba hidiran'ny hafanana hipariaka anaty rano. Fantatra izany tamin'ny fiofanana kanefa tsy tanterakay satria kely ny toerampambolena ka aleonay kokoa asiana vary io toerana hahazoan'ny trondro hafanana sy iainan'ny trondro io», **Ranaivo, fianakaviana mpamokatra sy mpiompy trondro an-tanimbary (PPF), Miandrarivo-Betafo.**



 :Toerana fakana rivotra sy hahazoana andro

 :Toerana misy ramilamina

 :Hazo manakana ny ramilamina tsy handra kotra ny toeram-pakan-drivotra

## ARAKY NY MPANDRAHARAHA IRAY

### « Ny ramilamina»: Tombotsoa mety hivadika ho fatiantoka ho an'ny mpiompy trondro

*Ny ONG Ramilamina 19 taona niasana tamin'ny fanapariahana sy ny fiofanana ary ny fanarahamaso ara-teknika ny fambolena ny zava-maniry ramilamina. Ilaina izy eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. Manampy betsaka izy kanefa misy ihany koa ny fetrany!*

Ny ramilamina dia ampangan-drano madinika (3-4sm) izay maniry mitsikafona eny ambony rano. Amin'ny fiompiana trondro dia fialokalofan'ny trondro izy mba tsy ho azon'ny vano. Manampy betsaka izy amin'ny fambolena sy ny fiompiana amin'ny fanamasahana ny tany sy ny fanampin-tsakafom-biby miaraka amin'ireo hery fanorenana, ny kalsioma, ny faosifaoro, ny potasioma hoentiny. Haingampitombo ny ramilamina raha tsara ny fepetra iainany ka mahatratra hatramin'ny 20 kilao isan'andro isan'ara ny fitombony.

Mba hialana amin'ny faharakofany be loatra dia afaka sakanana ny ramilamina amin'ny bararata na hazo maivana amin'ny faritra ilain'ny trondro mba hakany rivotra sy tara-masoandro, hoy Andriamatoa *RAMAROLAHY Edouard Romuald*, lehiben'ny tetik'asa. Rehefa tsy voahaja anefa ireo fepetra miaraka amin'ny fambolena azy, hoy ihany izy, dia mivadika ho olana ho an'ny mpiompy trondro sy ny trondro ny fananana azy ao an-tanimbary na ao andobo.

## NAOTIN'NY GAZETY MIKASIKA NY RAMILAMINA

Ny ramilamina dia zava-maniry afaka misintona ny azota avy amin'ny rivotra. Izy dia mifanohitra amin'ny ankamaroan'ny zava-maniry izay ny ankamaroany dia maka ny azota anatin'ny nofon-tany. Io singa io dia ilaina amin'ny fandonahana ny nofon-tany ary hita ao anaty urée na anaty zezika mineraly sasany. Noho izany, ny ramilamina dia manome azota maimaim-poana.

Betsaka ny ramilamina eny an-tsahan'i Betafo, eny amin'ny toeram-piompiana zana-trondro sy ny toerampanalehibeazana trondo ary ny toeram-pitehirizana. Zavatra roa loha no ampiasain'ny mpiompy trondro ny ramilamina hamahanany azy ireo:

- na manafangaro azy amin'ny akora hafa, toy ny mangahazo sy ny vomanga, hanaovana kaomposta, izay avy hatrany dia manome azota betsaka sy singa maro hafa. Ny fangaron'ireo dia atao anaty fitoeran-jezika ao andobo na ao an-tanimbary. Miteraka kankana izany ary lasa sakafon'ny trondro avy hatrany. Raha fintinina, ny singa mahavelona avy amin'ny kaomposta dia ilain'ny zava-maniry sasany sy ny bibikely madinika ao anaty rano, antsoina hoe « plancton », ka tonga sakafon'ny trondro avy eo.
- Rehefa mandrakotra ny dobo na ny tanimbary ny ramilamina dia afaka ataon'ny trondro sakafo avy hatrany. Mahatsapa koa ny tantsaha fa afaka mba iafenan'ny trondro ao ambanin'ny ramilamina amin'ny vorona toy ny vano. Kanefa, mety hamandrika ireo trondro kely ihany koa ny fakan'ny ramilamina.

Mitombona ny fisalasalan'Andriamatoa Ranaivo ny amin'ny famatsiana ara-oksizena avy amin'ny rivotra, amin'ity tranga faharoa ity. Miditra mora foana anaty rano mantsy ny rivotra raha tsy misy sakantsakana. Ny fisian'ny ramilamina, izay manelanelana ny rivotra sy ny rano, dia manasarotra kokoa izany. Ankoatr'izany dia misy bibikelin-drano mamokatra oksizena rehefa tojo ny hazavan'ny masoandro, kanefa mijanona arak'izany koa ny famokarany ny oksizena rehefa tsy tafiditra ny hazavana sakanan'ny ramilamina.

Ny fizarana ho roa ny toerana misy ny ramilamina ao an-dobo na ao an-tanimbary dia hita fa hevitra tsara, satria ny ramilamina mandrakotra tanteraka ny toerana dia voalaza fa tsy mahasoa ny trondro eo amin'ny fiainany. Ka inona tokoa no antony tsy hirosoan'Andriamatoa Ranaivo amin'izay vahaolana izay? Angamba holazainy amintsika ny valiny amin'ny laharana faharoa. Izany rehetra izany dia mila fandalinana, indrindra eo amin'ny famantarana ny ampahan-toeram-piompiana afaka rakofana ramilamina sy ny fiantraikan'ny kaomposta misy ramilamina eo amin'ny fitombon'ny trondro.

*Manan-danja ho an'ireo mpamokatra zana-trondro ny famoahana na famarotana ny vokatra. Tsara ny hitaterana ny hevitry ny mpamokatra mikasika izany. Maneho ny heviny eto Ramatoa RAMANANTENA-SOA Marie Françoise, vadina tantsaha mpamokatra zana-trondro (PPA) ao Ambohibarikely Betafo sy Andriamatoa RAJAOMPIERA Jean Marie, fianaka-viana mpamokatra zana-trondro (PFA) ao Ambo-hiambo, Betafo.*

"ALEO MAMAROTRA ZANA-TRONDRO VITSY AMIN'NY VIDINY TSARA TOY IZAY MANDEFA AZY BETSAKA AMIN'NY VIDINY AMBANY...", RAMANANTENASOA MARIE FRANÇOISE.

**IREDEC: Mba lazao anay re tompoko ny niando-hanareo tamin'ity fiompiana ity?**

**RAMANANTENASOA Marie Françoise**: Nanom-boka niompy izahay tamin'ny taona 1998 taorian'ny famoahana ireo 30 lahy mpampiely ny teknika FAO. Ny vadiko no tena mpikarakara ny fiompiana tron-dro, manampy azy amin'izany aho sy ny zanakay amin'ny fikarakarana sy ny famarotana ny zana-trondro. Mbola mitohy ny fiompiana trondro hatra-min'izao ary mbola mikasa ny hanitatra izahay.

**IREDEC: Inona tsara moa no ataonareo?**

**R.M.F**: Manao famokarana zana-trondro sy manale-hibe trondro an-dobo izahay ka rehefa amin'ny fotoana famarotana dia mivarotra ireo zana-trondro ireo arakaraky ny habeny: kely, antonony, lehibe.

**IREDEC: Isaky ny inona no mampanatody ny trondro ianareo?**

**R.M.F**: In-2 isan-taona no ataonay ny fampanatodi-zana. Amin'ny volana septambra ny voalohany ary ny faharoa ny volana oktobra. Vao manomboka miha-mafana ny andro dia efa azo atao ny fampana-todizana ny trondro.

**IREDEC: Tonga ve dia mamarotra avy eo?**

**R.M.F**: Tsia, natokanay ho amin'ny volana janoary sy febroary ny fiandohan'ny famarotana zana-trondro.

**IREDEC: Nahoana no miandry efa-bolana vao mivarotra?**

**R.M.F**: Satria efa vitsy ny manana zana-trondro amin'izay fotoana izay ka tsy ahitana zana-trondro firy intsony eny an-tsena. Amin'io vanim-potoana io nefa dia mbola betsaka ny mpanalehibe mitady zana-trondro koa dia miakatra ho azy ny vidin'ny zana-trondro amin'izany. Ny vola azo eo dia manampy anay amin'ny maintso ahitra sy ny fanetsana.

**IREDEC: Ohatrinona no amarotanareo ny zana-trondro amin'ireo volana roa ireo?**

**R.M.F**: 50 ariary izay manana habe 3 sm eo. Misy ny 60 ariary ny 5 sm ary 80 ariary ny 8 sm.

**IREDEC: Ahoana no mbola hananareo zana-trondro mandritry ny fotoana lava?**

**R.M.F**: Mivarotra in-3 isa-taona izahay hatramin'ny volana jiona ka amin'izay fotoana izay dia efa maha-tratra 10 sm ny haben'ny trondro. Tsy mijanona amin'ny volana febroary ihany anefa ny fiompiana zana-trondro fa mitohy hatramin'ny volana jiona ary dia manalehibe avy eo. Atao betsaka ny zana-trondro anaty dobo, amin'izay tsy dia mitombo izy ireo. Mi-hena tokoa ny isany raha oharina amin'ireo trondro velona tamin'ny volana novambra sy desambra. Kanefa, aleonay mamarotra zana-trondro vitsy amin'ny vidiny tsara, toy izay mandefa azy betsaka amin'ny vidiny ambany.

**IREDEC: Misy karazany ve ny mpividy vokatra ato aminareo?**

**R.M.F**: Ny mpividy avy any Andrefana: Mandoto, Miandrivazo maka amin'ilay zana-trondro kelikely vatana. Ny avy eny Avaratra, ohatra Faratsiho, mividy amin'ilay lehibe kokoa. Alainy 40 ariary ety aminay ny zana-trondro, avy eo maka tombony any aminy izy.

**IREDEC: Ahoana ny fahitanao ny vidin-jana-trondro amin'izao fotoana izao?**

**R.M.F.**: Mora. Tokony ho 100 ariary ny zana-trondro lehibe iray. Betsaka mantsy ny fandaniana ary miakatra be rahateo ny vidin-javatra. Ny fiompi-ana trondro nefa dia misy masonkarena toy ny fividi-anana provandy izay roa karazana ho an'ny zana—trondro sy ny trondro, ao koa ny tamenak'atody. Ireo dia tena ilaina avokoa amin'ny fitombon'ny zana-trondro. Eo ihany koa ny fividianana fitaovana kely isan-karazany ampiasaina toy ny siô, ny sobika,… Misy koa ny fotoana lany amin'ny fanaraha-maso. Heveriko fa io 100 ariary io dia mbola zakan'ny mpividy tsara.

Tamin'ny roa taona lasa dia ratsy ny vidiny satria tsy maintsy niankina tamin'ny vidiny natolotry ny fanja-kana izahay. Koa dia teo amin'ny 20 ariary sy 30 ariary fotsiny ny vidin'ny zana-trondro iray tamin'i-zany.

# LOHAHEVITRY NY GAZETY

*Ity ambara manaraka ity dia hevitra mifameno amin'ny voalaza tetsy ambony saingy manolotra sandan'ny zana-trondro ambany kokoa, izy noho ny antony manokana.*

"ZARA AZA LAFO 70 ARIARY NY IRAY AMIN'NY ZANA-TRONDRO SISA EO, MBA HAHAFAHANA MAHAZO TOMBONY KELY", RAJAOMPIERA JEAN MARIE.

**IREDEC: Inona moa ny fiompiana trondro ataonao, azafady?**

**RAJAOMPIERA JEAN MARIE**: Nanao ny fiompiana trondro an-tanimbary aho nandritry ny 5 taona. Tany am-boalohany dia nanalehibe trondro fotsiny. Tojo olana teo amin'ny famatsiana zana-trondro aho anefa taty aoriana ka 2 taona izay dia nanitatra famokarana zana-trondro aho.

**IREDEC: Vanim-potoana inona no hanaovana ny fampanatodizana anatin'ny taona?**

**R.J.M.**: Efa nampanatody teo amin'ny voalohan'ny volana Aogositra aho fa tsy namokatra noho ny hatsiaka. Mbola nandramako koa ny volana septambra, nefa dia mbola tsy nety ihany. Fa rehefa nampanatody ny volana oktobra sy novambra tamin'ny taona lasa dia teo aho vao nahazo vokatra.

**IREDEC: Manao ahoana ny famarotana zana-trondro?**

**R.J.M**: Vao azo varotana ny zana-trondro (faha-24 andro nahafoy ny atody, habe: 1, 5 sm) dia efa lazaina ny mpividy. Eo amin'ny voalohan'ny volana oktobra eo mantsy no manetsa ny olona ety, ary efa azo atao tsara ihany koa ny fiompiana zana-trondro amin'izay fotoana izay. Amidinay 15, 25 ary 30 ariary ny zana-trondro amin'ny volana desambra satria ny volana janoary no tena mety ny fiompiana zana-trondro sy ny fanalehibeazana trondro, ary efa vita koa ny fanetsana amin'izay ary misy rano tsara ny tanimbary.

Olona avy eny Ankazomiriotra, Soavina sy Antsirabe ary ny eto an-toerna no mividy zana-trondro eto aminay ka ny eto Betafo dia mividy mialoha satria mora ny zana-trondro eo. Efa mora ihany koa ny fiompiana ny zana-trondro amin'io fotoana io satria efa lasa ny rotsak'orana voalohany.

**IREDEC: Inona ny vokatr'io rotsak'orana voalohany io?**

**R.J.M.**: Tampoka ary tsy ampoizina akory ny fiaviany. Tondraka ny tanimbary ka mahavery ny zana-trondro. Mahafaty azy ireo mihitsy aza ny hatsiaka tampoka hoentin'izany orana izany.

**IREDEC: Ahoana ny hevitrao momba ny vidin'ny zana-trondro?**

**R.J.M.**: Eo anatrehan'ny fandaniana atao amin'ny fiompiana ny zana-trondro sy ny fanalehibeazana ny trondro dia mora ireo vidiny ireo. Ny fandaniana tiako ho lazaina eto dia mikasika ny vidin'ny fitaovana sy ny sakafo ilaina ary ny lafiny arapotoana. Mila fanaraha-maso tsara ny fiompiana ny trondro indrindra ny zana- trondro sy ny manodidina ny fampanatodizana ny renin-trondro. Ilaina ny fiambenana andro aman'alina amin'ireo mpisotasota sy ny vorona ary ny rano.

Mbola betsaka na izany aza anefa ny zana-trondro maty hatramin'ny volana janoary ka zara aza lafo 70 ariary ny iray amin'ny zana-trondro sisa eo mba hahafahana mahazo tombony kely.

**IREDEC: Inona àry ny vahaolana arosonao?**

**R. J. M.**: Ho fehiny, tsy tokony hotsinotsinoavina ny teknisiana. Matoa tsy tratra ny vokatra tsara dia mbola maro ny olana. Ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta, eo amin'ny tantsaha sy ny teknisiana, no mety hamaha izany olana izany.

Tsy misy rafitra mipetraka amin'ny famoahana ny vokatra eo amin'ireo tantsaha izay nanaovana ny fikarohana ao Betafo ireo. Samy miezaka mivarotra sy mitady mpividy ny vokatra izay misy eo aminy ny tsirairay. Matetika ny mpividy iray dia zarain'ny mpamokatra maromaro indrindra raha mitady aman-'arivony izy. Ny fisian'ny mpanelanelana dia mampitombo ny vidin-jana-trondro, izay mitarika fatiantoka ho an'ny tena mpamokatra.


Photo: Elyah Ariel

*Tilapia de Manjakandriana*

**Ranaivo, mpamokatra zana-trondro an-tanimbary, Miandrarivo– Betafo.**
Izahay dia manamafy eto fa miasa tokoa, manamarina izany ny fampiakarana vokatra in-efatra isantaona, ary tsy miandry lava ny manda avy amin'ny fanjakana vao hanao zavatra. Kanefa, manantena izay mba mariky ny fahafaham-po na sitraka avy aminy izahay eo anatrehan'izany ezakay izany. Haka ohatra isika, natao ireny ny vary tamin'ny taona lasa, nisy ny rivo-doza Gafilo nandrava ny voly, noho izany dia kely ny vokatra azo. Tonga ny fararano, mora dia mora ny vidim-bary nakan'ny olona tety. Rehefa avy nefa ny maitso ahitra, midangana dia midangana ny vidiny nefa ny vary kely teo ampelatanana tsy misy intsony fa lany. Resahintsika indray ny fiompiana trondro, be ny vokatra, fa aiza ny olana? Eo amin'ny famoahana ny vokatra.
Ankoatr'izany, be loatra ny fanadihadiana efa natao tety taminay, maro no efa tonga teto amiko teto, ary izaho manokana aza dia hitsaoka amin'ny manaraka fa leo. Izany dia satria tsy mbola hitako izay vokany ho anay tety. Asa raha indray andro any na mba mety hisy tombotsoa ho anay ihany izany.

**Rakotondranaivo Benjamina, Lehiben'ny fokontany, Fokontany Soamiafara Vakinifasina- Betafo, mpiompy trondro an-tanimbary.**
Mbola tsy teraka izahay izao no efa niompy trondro ny olona tety. Hatramin'izay ny fanjakana dia tsy mbola niezaka ny hahafantatra ny ezaka nataonay tety raha tamin'io lafiny io, hoe manao ahoana ny vokatra vitanay ety? inona no mba handrasanay tantsaha amin'ny fanjakana? Efa niresaka momba izany ihany aho amin'ny maha-lehiben'ny fokontany ahy, tamin'ny alalan'ireo haino aman-jery, ny radio Zarasoa sy ny radio Haja. Asa ireny filazalazana na fitarainana ireny na natao hohenoina na natao inona fa dia miandry izahay hatramin'izao ny amin'izay mba mety ho fanampiana azo avy amin'ny fanjakana na dia fihetsika avy aminy fotsiny aza! Eo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro izao dia mamokatra zana-trondro izahay ny volana novambra sy desambra, kanefa dia mora be tokoa ny vidiny. Eo indrindra no mitady lalam-barotra izahay satria tena voa mafy ny tantsaha kely mpamokatra. Mila fanampiana izahay eo amin'ny famoaham-bokatra na karazana tantsoroka ara-bola mba hahafahanay manohy ny asa fivelomana ka tsy voatery handefa ny zana-trondro avy hatrany ary mialoha loatra, noho ny tsy fananam-bola.
Mifandraika amin'izay ihany, renay tamin'ny fampielezam-peo nasionaly fa nahazo fanampiana tamin'ny fanjakana ny faritra maro mpamokatra zana-trondro teto Madagasikara, fa ny faritr'I Betafo tsy tao anatiny. Raha izany no izy, aiza ny mba ho anjaran'ny mpamokatra kely madinika miezaka amin'ny politikam-panjakanan'ny fampandrosoana? Mba mangataka ny fanjakana mihitsy izahay hijery akaiky anay aty an-toerana, mba hamangy anay aty hahita marina ny vokatra zana-trondro. Avy amin'ny toerana maro no maka ny vokatra zana-trondro ety. Ankoatra ny Vakinankaratra dia misy ny hatrany Miandrivazo sy Toamasina.
Ny fanjakana dia nanampy ny mpamokatra zana-trondro, araka ny renay ihany tamin'ny fampielezam-peo, ny faritr'Ambatolampy, Miarinarivo, Ankazobe, Ambohimasina, Manjakandriana, ankoatr'izay ireo faritra hafa ivelan'Antananarivo.
Araky ny hevitray, ny endrika fanampiana azon'ny fanjakana atao koa dia eo amin'ny tohana ara-bola hahafahan'ny tantsaha manamboatra dobo sy mividy renitrondro na lahitrondro ary eo amin'ny fitadiavana lalam-barotra. Izany rehetra izany dia mila fiaraha-miasa akaiky eo amin'ny solon-tenam-panjakana sy izahay, tantsaha mpamokatra zana-trondro.

**"NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO"**

**B. P. 188 - 110 ANTSIRABE**
**Tél : (44) 484 03 / (44) 487 64**
**Fax : (44) 487 64**

**E-mail : iredec@simicro.mg**
**APDRA-F : ari.elyah@laposte.net**

## POLITIKAM-PIRENENA MALAGASY MOMBA NY FIOMPIANA TRONDRO

# FIATAHAN'NY FANJAKANA AMIN'NY ALALAN'NY FANOHANANA NY PPA

*Lahatsoratra:* T. RANDRIAMPENO

*Maro no te-hahafantatra ny andraikitry ny fanjakana eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro. Ny resadresaka natao niaraka tamin'Andriamatoa RAKOTONDRAZAKA Ferdinand, Brigadin'ny jono ao amin'ny faritra Antsirabe I et II, teny amin'ny biraon'ny servisim-paritry ny jono sy ny harena anaty rano, dia mamaritra ny karazam-panohanana ataon'ny fanjakana, ny rafitra misy amin'izao fotoana, ary ny heviny manokana momba ny fisian'ireo tetik'asa tsy miankina miasa amin'ny fiompiana trondro.*

Vokatry ny fandinihana izay natao mikasika ny sakafon'ny Malagasy, indrindra eto afovoan-tany, dia voamarika fa misy ny tsy fahampiana eo amin'ny tahan'ny proteina izay mitondra hery fanorenana. Amin'ny karazan-kena rehetra misy dia fantatra fa ny trondro no mitondra io otrik'aina io be indrindra. Izany no nahatonga ny fanjakana Malagasy hisafidy ny tanjona fampitomboana ny proteina entin'ny sakafo amin'ny alalan'ny fanomezana lanja manokana ny fiompiana trondro.

### *Fanohanana miantefa amin'ny PPA*

Ny fanohanana ataon'ny Fanjakana dia manana endrika roa ny fanohanana:

- Fanohanana ara-teknika, amin'ny alalan'ny fampiofanana na fanaovana atrik'asa
- Fanampiana amin'ny lafin'ny fitaovana.

Amin'ny lafiny ara-pitaovana dia mivarotra tsiratsiraka palmie (fibre de piassava), fampiasa amin'ny fampanatodizana ny trondro ny fanjakana. Ny servisy nasionaly no miandraikitra ny fanagonana azy io any amin'ny faritra betsaka azy, any atsinanan'ny Nosy, ary ny brigadin'ny jono any amin'ny servisy rezionaly no mizara izany amin'ireo PPA amin'ny vidiny mifandraika amin'ny masonkarenan'ny fitaterana, izany hoe, eo amin'ny arivo ariary eo ny kilao. Ny famarotana io tsiratsiraka io dia amin'ny alalan'ny famandriha mialoha. Raha misy ambiny tsy lafo kosa dia afaka mividy ny mpiompy trondro hafa.

Mamatsy zana-trondro maimaim-poana ihany koa ny fanjakana raha misy ny fanapariahana karazantrondro vaovao eto Madagasikara.

Eo amin'ny lafin'ny famoahana ny vokatra dia tsy mbola nisy ny fanampiana nentin'ny fanjakana satria hatramin'izao dia tsy nisy fitarainana azo momba azy io avy amin'ny PPA, sady mazana ny vokatra aza tsy ampy ho amidy. Raha misy ny olana mitranga amin'ny tsena eny amin'ireo PPA dia izy samy mpikambana ihany hatramin'izay no mitady vahaolana.

### *Fikambanana mhaona isan-taona*

Ny mpikambana dia manao fivoriana indray mandeha isam-bolana, mandritry ny roa andro, amin'ny faritra Antsirabe I sy II. Io fivoroana io no ahafahan'ny samy mpikambana mifampizara na eo amin'ny lafiny teknika izany na eo amin'ny lafiny ara-barotra, eny fa na dia amin'ny lafiny ara-tsosialy aza. Amin'ny volana septambra no hanatanterahana izany amin'ity taona ity.

### *Fanamarihana manokana*

Hisaorana tokoa ireo tetik'asa hafa satria manoloana ny fahavitsianay ato amin'ny servisy misahana ny jono sy ny tsy fahampiana arapitaovana hanatanterahanay ny asa dia manampy anay tokoa ny fisian'ny tetik'asa tsy miankina.

Tsapa tokoa fa tsy ampy ny lafin'ny serasera. Ny fanaovana gazety anatin'ny tetik'asa toa anareo, mba hahafahana mampandray anjara ny kotrokery samihafa miasa amin'ny fiompiana trondro, dia tena finiavana tsara.

### *Tetik'ady fisitahana*

Ny paik'ady noraisin'ny fanjakana dia ny firosoana amin'ny fanatanterahana ny fisitahan'ny fanjakana eo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro. Ny brigadin'ny jono izay solontenam-panjakana any antoerana dia manome fiofananaizay sady feno no maimaim-poana ho an'ny PPA, ary koa manaramaso ny fomba fampiharana ara-teknika izany fiofanana izany amin'ny faritra iadidiany. Ny PPA indray avy eo no manofana sy mamatsy zana-trondro ireo mpiompy trondro hafa satria efa nomen'ny fanjakana alalana hanatanteraka izany izy ireo. Miisa 56 ny PPA eto amin'ny faritr'i Vakinankaratra.

## TARATASIN'NY MPIOMPY TRONDRO

Ny votoatin- tanjona dia ny fanapariahana sy ny fampandrosoana ny fiompiana trondro amin'ny ankapobeny ny ety an-tanety sy ny an-dranomasina. Raha ny fiompiana ety an-tanety no asiana teny dia no-ezahin'ny fanjakana ny hampiroborobo ny fiompiana trondro an-tanimbary sy an-dobo, araka ny rafitra toy izao:

Ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono

Sampan-draharaha nasionaly momba ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra

Sampan-draharaha rezionaly momba ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra

Servisin'ny jono sy ny harena anaty rano

Brigadin'ny jono

Tantsaha Mpamokatra zana-trondro (PPA)

Mpiompy trondro hafa (Fianakaviana Mpamokatra zana-trondro na/sy mpanalehibe trondro, sns.)

*Fifandaminana eo amin'ny rafitra ara-panjakana..*

## Fomba fandraisana anjara amin'ny gazety

Misalasala ve ianareo ny hanoratra amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy? Ireto àry misy torolalana vitsivitsy hahafahanareo mandray anjara ato anaty gazety. Vonona izahay ny hanampy anareo ary mitady hatrany koa ny haneho mazava izay tianareo ambara.
Raha toe-javatra no tiana hotantaraina dia famaliana ireto fanontaniana ireto no handrafeto azy, mba hahafeno sy hanamarina tsara izay voalazanao/nareo.

**Iza** no nitarika ny tetik'asa? Inona no lafy tsarany? Ny traikefa nananany? Iza no tetik'asa niarahana nanatanteraka ny asa (mpiara-miombon'asa, tantsaha hafa)? Vondron'olona ve sa fikambanana?
**Oviana** ny fotoana nanombohana? Inona na manao ahoana ny zava-nisy teny am-piandohana? Inona ny olana?
**Aiza** tsara no mitranga ny toe-javatra? Faritra aiza?
**Ahoana** ny fomba nanatanterahana ilay toe-javatra? Tao anatin'ny sehatra manao ahoana? Ny fomba namahana ny olana? Ny fomba nahitana vahaolana? Ahoana ny fomba fahitanareo azy?
**Nahoana** no nisy ilay toe-javatra?Raha nisy ny safidy noraisina, nahoana? Raha nahomby, nahoana? Raha tsia, nahoana? Inona no tena tanjona? Tratra ve ny tanjona? Inona no eritreritrareo ny amin'ny ho avy?